## Fifidianana fihodinana faha2
# Nibaribary ny halabato nataon-dRajoelina 2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 27 desambra 2018 Laharana 854 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Joba 7:1** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 96), madagasikara 22 desambra 2018

### K25 sy fiarovana safidy 2

# Kianjan'ny 13 mey ny sabotsy izao



### Hosoka tamin'ny fifidianana 2

# Any amin'ny HCC ny baolina



**BORIBORITANY VOALOHANY (CUA)** 5

## Nizarana fanomezana ho an'ny mpiasa noho ny fety



**Malaimbandy-Menabe** 5

## Olona 4 nalain'ny dahalo an-keriny

**Raharimanana Patrick** 2

## Fifidianana: tsy misy laharana araka ny nampanantenaina ny biletà

**Pr Harimalala Joseph** 3

## Mitohy ny ady amin'ny Satana sy ny tsy fahamarinana

**Daka kely**

Mitady haka fanjakana am-pitaka fanindroany indray ve ry Boaikely a !

**Vitrine lavoloha** 7

## Naseho teny ny ketsa bata-tany noforonin'i Juslain Raharinaivo



K25 SY FIAROVANA SAFIDY

## Kianjan'ny 13 mey ny sabotsy izao

Hirohotra hiaro ny safidiny ny K25 etsy amin'ny kianjan'ny 13 mey Analakely ny sabotsy izao. Manoloana ny halatra be vava misy porofo hitan'ny komity mpanohana ny kandida Marc Ravalomanana dia hirohotra hiaro ny safidiny eny amin'ny kianjan'ny 13 mey ny sabotsy izao ny vahoaka Malagasy, hiaro ny safidiny, sy hitaky ny hisian' ny fahamarinana mikasika ny fifidianana natao ny 19 desambra lasa teo. Marobe ny tsy fanarahan-dalàna tamin'ny fihodinana voalohany, fa noho ny fahafantarana fa hiezaka ny CENI hanatsara ny fomba fiasa dia notanterahana ihany ny fifidianana. Tsy izay anefa no nitranga fa vao tany am-boalohany dia efa nitongilana tany amin'ny kandida 13 ity vaomera mahaleo tena momba ny fifidianana ity . Efa niala nenina ny K25 , fa ny CENI tsy nihaino azy ireo , ka izao tonga amin'ny fidinana eny amin'ny 13 mey ny sabotsy izao. Sabotsy izany mifankahita!

***Helisoa***

Raharimanana Patrick

## Fifidianana: tsy misy laharana araka ny nampanantenaina ny biletà

Noreharehan'ny tao amin'ny CENI mihitsy fa dia avo lenta, tsy azo anaovana hosoka, toy ny vola mihitsy ity biletà tokana nampiasaina tamin'ny fifidianana ity, satria dia hisy laharana manokana isaky ny biletà, izay hita amin'ny vody sosy, toy ireny billet ireny, ka efa fantatra mialoha avokoa ny laharana biletà alefa isaky ny Biraom-pandatsahambato, ka raha misy ny tsy milamina, dia azo jerena raha tena biletà tokony ho voatokana ho an'io birao io marina no nampiasaina, na biletà hafa nampidirina antsokosoko hoy Patrick Raharimanana. Rehefa natao anefa ny fanamarinana ireo biletà nampiasaina tamin'ity fihodinana faharoa ity, dia tsy misy laharana azo kikisana izany ireo biletà nampiasaina, sy nandaniana vola be nampanaovina tany Afrika atsimo, fa dia taratasy tsotra toy ireny famonosana mofo gasy ireny ihany. Ka dia nivarotra ambongadiny andra-Malagasy an-tapitrisany mpifidy indray ve ny CENI, ka dia nofitahina hoe biletà avo lenta ity ampiasaina ity, nefa vola be an-tapitrisany maro no lany? Tsy misy azo amantarana izany, na bileta hafa no nampiasaina, na ny an'ny CENI, satria dia tsy misy mampiavaka azy amin'ny taratasy tsotra. Ny vody sosy sy ny fonina karine anefa dia mazava be ny laharana, fa ny marina, ny bileta tsy misy laharana manokana. Nanaovana famoahana manokana na décharge mihitsy aza tamin'ny nizarana ireny bileta ireny, rehefa misy ny very, toy ny teny Ambohipo, dia nalain'ny polisy mihitsy ny gardien, ary dia nasiana PV manokana indray ny fanomezana bileta vaovao, anamarihana ireo laharana bileta ampiasaina amin'io biraom-pifidianana io. Fifidianana naorina eo ambony fitaka ve izany izy ity, andrasana ny fanazavana omen'ny CENI amin'ny vola be lany nanaovana izao bileta izao, izay toy ny taratasy tsotra famonosana mofo ihany hoy Patrick Raharimanana, izay efa niandraikitra fifidianana ihany teo aloha, satria efa filohan'ny CNE na Vaomiera Nasionaly Misahana ny Fifidianana izy tamin'ny fotoan'androny.

***Helisoa***

Raharaham-pirenena

## Tompon'andraikitra feno amin'izay zava-mitranga eto ny Ceni sy ny Hcc

Mitondra ny fahitany ny raharaham-pirenena indray i Liva KMFB(Komity Miaro ny safidim-Bahoaka). Amam-polo taona no efa nitolona sy nanohitra ny fanjanahan-tany ireo razam-be Malagasy tia tanindrazana hoy izy, izay namoizana ain'olona aman'aliny maro. Mandrak'androany anefa dia mbola tsy tafita izany tolona izany, ary tsy mbola azo ihany koa ny fahaleovantena marina . Tsy ny tolona nataon'ny malagasy akory no diso , fa ireo olona sy rafitra napetraky ny mpanjanantany teto mihitsy no efa tsara fototra hatramin' izay ela izay, ka manasarotra ny hahatongavana amin'izany tanjona izany. Kihon-dalana lehibe ho an'ny firenena sy ny vahoaka malagasy ny toedraharaha 2009 izay nahafahan'ny malagasy nanao ny DINIKA IFOTONY sy ny FAMPIHAVANAM-PIRENENA izay efa natomboky ny FFKM. Nikiribiby kosa tetsy ankilany ny CENIT sy ny HCC tamin'ny fotoan'androny ny hanatanteraka ny fifidianana tamin'ny taona 2013, mba hiarovana ny tombontsoan'ny mpanjanaka sy ny an'ny tena manokana mazava ho azy. Ny vola tokoa hono mantsy no maharangahy sy maha-be voninahitra, ary azo hividianana famelan-keloka ihany koa angamba ho an'ny sasany, toy ny finoan'ireo antokom-pinoana sasany tany aloha elabe tany. Ankehitriny dia mbola tiana ho tohizana foana ihany izany fomba maloto fivarotana tanindrazana sy fanjanahana ny mpiray tanindrazana amin'ny tena izany. Raha tsiahivina dia nisy amam-polony maro ireo fihaonana ombana dinika izay nifanaovan'ny CENI tamin' ireo antoko pôlitika, fiarahamonim-pirenena, fikambanana tsy miankina ara-panjakana marobe, izay nandraisan'ny KM-FB anjara hatrany. Nivoitra avy tamin'izany fihaonana izany hatrany ny hoe : tsy tokony hanaovana fifidianana aloha, noho ireo antony izay efa voalaza ombieny ombieny ny tsy maha-mety azy. Saika ny roan-jato isanjaton'ny olona nasaina (200% ) tamin' ireny fihaonana ireny dia samy tsy nankasitraka avokoa ny hanaovana fifidianana amin'ity taona 2018 ity. Tetsy ankilany anefa ny CENI tompon' ny fanasana sy ny HCC mpiray lova aminy, dia nilaza sy niziriziry hatrany fa tsy maintsy atao amin'ity taona 2018 ity ny fifidianana, satria io ihany hono no vahaolana farany sy mety hitan'izy ireo. Izay vaha-olana hampiadiana ny samy malagasy angamba. Izany no mahatonga an'Andriamatoa Liva KMFB milaza fa tsy afa-miala ary tompon'andraikitra feno amin' izay zava- doza hitranga eto ny CENI sy ny HCC, sy ireo andrimpanjakana hafa tsy tononina, ary ho saziana mafy mihoatra ny lalàna velona misy eto amin'ny firenena, satria ny aim-pirenena sy ny vahoaka mihitsy no atao tsinontsinona noho ny tombontsoa manokana.

***Isambilo***

Alaotra

## Notatahan'ny k25 ny 13 tao Amparafaravola sy Andilamena

Notatahan'ny K25 ny voka-pifidianana tany amin'ny distrikan'Andilamena sy Amparafaravola iny, tamin'ny fifidianana izay ho Filohampirenena fihodinana faharoa teo. Nahatratra ny 69,02% ny an'ny distrikan'Amparafaravola raha toa ka nahatratra hatrany amin' ny 62,33% izany ho an'ny distrikan' Andilamena. Nohamafisin'ireto distrika roa ireto fa tsy mila an'i Andry Rajoelina sy ny nofinofiny izy ireo ary leo fampanantenana poakaty, leo mpanongam-panjakana. Nambaran'ny Solombavambahoaka Rabekijana izay solombavambahoaka, voafidy tao Amparafaravola fa niakatra io vokatra io raha nampitahaina tamin'ny fihodinana voalohany. Nampametra-panontaniana ny rehetra kosa ny voka-pifidianana ho an'ny distrikan' Ambatondrazaka izay nahitana elanelan' isa hatrany amin' ny 6 000 mahery nandritry ny fihodinana voalohany kanefa lasa nifamadika tamin' iny fihodinana faharoa iny. Hatreto, mbola samy manao ny fanadihadiana avokoa ireo mpanara-dia an'i Dada mihodidina io voka-pifidianana tato anatin'ny distrikan' Ambatondrazaka io izay zary lasa mampisalasala ny maro. Nanambara kosa anefa hatreto ireo mpanara-dia an'i Dada izay nanaovana fanadihadiana fa vonona hatrany ny hitaky ny mangarahara ary hiaro ny safidiny manoloana ny famoahan'ny CENI ny voka-pifidianana amin' izao fotoana izao.

***Raoul***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fifidianana fihodinana faha2 : nibaribary ny halabato nataon-dRajoelina

Fisaka ny marina ka sarotra tadiavina hoy ny ohabolana Malagasy , saingy tamin'ity fifidianana fihodinana faha 2 ity dia napoitra ny halatra be vava nataon'ny kandida N°13 Andry Rajoelina, izay efa naparitaka tamin'ny haino amanjery sy ny tambazotran-tserasera ho fantatry ny Malagasy manerana ny Nosy sy izao tontolo izao .

Mahavariana ny amin'ny tahan ny fandraisana anjara araka ny nambaran'i Fanirisoa Ernaivo satria misy ny mihoatra ny 100% , nisy kosa ny avy any amin'ny 50% tamin ny fihodinana voalohany no tafakatra efa ho 100%. Hafa kely satria tany amin ny faritra nitarihin'ny kandida 13 no misy izany . Misy koa toerana lasa nitombo ny isan'ny mpifidy voasoratra anarana , nefa tsy nisy fanitsiana ny lisi-pifidianana akory tamin'ity fifidianana fihodinana faha 2 ity. Maro ny zavatra lazain'ireo mpomba ny 13, fa ny tsy azo lavina sy tsy azony ovana dia EFA NOLAZAINA FA MARO KOA IREO HOSOKA ISAN-KARAZANY NATAON- DRY ZAREO tamin'io fifidianana io ! Ka na faly izy ireo na tsia dia HO APOITRANTSIKA IZANY ARY TSY AVELANTSIKA RAHA TSY MANDRESY NY TENA MARINA hoy Fanirisoa hentitra .

Nangataka confrontation sy verifications ary comptage des voies sy ny bulletins uniques non utilisés izahay ary dia nahazo alalana tokoa! Koa natao ireo verifications, nomena ny liste ary aoka hazava, ISIKA REHETRA NO NIARA- NAHITA, NIARA-NAHENO FA MARO NO OLONA NOVIDIANA HANDATSABATO, na ny mpanaramaso iraisampirenena aza efa niteny izany nandritry ny fihodinana voalohany, mbola henontsika sy hitantsika ary nanerana ny nosy izany, nisy nitsangana vavolombelona! Ka hitanay tao koa rehefa nanao verification izahay FA MARO IREO BULLETIN PRE- COCHÉS NA COCHÉS nataon' olona iray nefa vaton' olona maromaro! Hita izany ary efa nandraisanay soratra sy nisaina daholo!

Misy koa ireo nitaraina fa misy bourrage-na urne, ka fenoin-dry zareo bulletin laharana faha 13 ny urne, ka asesika ao izany dia soniavina olona tokana, na asiana petatondro miverimberina ny liste. Hita koa izany tao!!!!

Fehiny, mbola mitohy ny fidinana eny an-toerana ataon'ny equipe ny LEGALTEAM K25 sy CO25 ary tsy avelantsika amin' izao io fa ho fongarina ny hosoka rehetra ao, hoy hatrany ny leagal team satria na dia vato tokana aza no voahodina dia efa tsy ekena izany. Tsy ireo tratra ireo ihany no hitantsika, fa marobe NY HALATRA, ka ho apoitrapotrantsika tsy hisy ho takona afenina ireny . Hita ihany koa ireo fihetsika feno herisetra nasehon' ny mpomba ny 13 teny amin'ny CENI ireny ka raha tsy misy atahorany ve , inona no mampisahotaka azy ireo? Fa manahy mafy sao ho tratra ny HOSOKA SY LAINGA ka mandrovitsihy sahady! Fa tsy manakana na manakivy antsika hanohy ny fiadiana amin'ny hosoka izany ka dia ho avoakantsika eto ary alefa any amin'ny AMBARATONGA MPITSARANA SAMIHAFA ny fitoriana mahakasika izay hosoka tratra, ho hita sy ho ren'ny vahoaka Malagasy manerana ny Nosy sy izao tontolo izao .

***Helisoa***

Fort Dauphin

## Azo antoka fa fangalarana avo lenta no nahazoan'ny kandida 13 vato

Mahalasa eritreritra ihany raha ny fahaizan'ny kandida 13 sy ny ekipany tamin'ny fangalaram-bato avo lenta nisy. Tsy ny k25 ihany no mahatsapa izany fa ny malagasy 25 tapitrisa mihitsy. Ny fahatokisantenan'i Andry Rajoelina no nampisambadidaka azy fa tsy maintsy izy no ho lany. Fahatokisantena amin'ny halatra. Raha miainga amin' ny fampielezankevitra, fa ny kandidà Marc Ravalomanana no tokony hahazo ny vato be indrindra ka ho afaka nilaza hoe: premier tour de vita. Tsy izany anefa ny zava-misy fa maro tamin'ireo olona no nilaza fa tena nisy nangala-bato sy nanodinkodina ny safidy. Raha tany Fort-Dauphin mantsy, hita porofo fa tena nahodina marina ny vato. Ny tena loza dia ireo délégués tompon'ny lalàna sy ireo sefo fokontany no nasaina sy nampanaovina ary nanatanteraka ity familiviliana ny safidim-bahoaka ity. Terena ary tambazana vola mihitsy ireo tomponandraikitra. Tsy tao an-drenivohitra ihany fa saika manerana ireo distrika 03: Faradofay, Betroka ary Amboasary Atsimo. Misy tamin'ireo mpifidy no nilaza fa tsy nanome vato ny 13. Amin'ny ankapobeny, anisan'ny nisehoana hala-bato avo lenta ny taty Anôsy. Tetika niraisan'ny Ceni, ny ministeran'ny ati-tany. Tokony handinika tsara ny tomponandraikitra vao maka fanapahan-kevitra fa ho tompon'andraikitra eo anatrehan'ny tantara izy ireo.

***Mangarahara***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Safidim-bahoaka : Ho hita eo izay ho lazain'ny HCC

Tsara hampatsiahivina ihany ny lasan'ireo tompo-nandraikitra roa voalohany ao amin'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI) amin'izao fotoana izao. Ny filohany, Rakotomanana Hery, dia efa filohan'io rafitra io tamin'ny fitsapankevi-bahoaka nandaniana ny lalàmpanorenan'izao Repoblika IV izao ny volana Septambra 2010. Niaraha-nahatadidy fa karnem-pokontany dia nahafahana nandeha nifidy ho solon'ny karapa-pifidianana ary tsy mbola nisy fifidianana ratsy fanomanana toa iny manerana an'i Afrika mba tsy ilazana hoe manerana an'izao tontolo izao. Ny filoha lefitra, Rakotonarivo Thierry, indray dia anisan'ny nitarika ilay fivondronan'ny mpiasam-panjakana, "grand corps", nitaky fanamboarana maro momba ny fitantanana ny mpiasam-panjakana (alignement et consolidation) tamin'ny fitondrana tetezamita saingy rehefa notolorana seza tao amin'ny Minisiteran' ny Atitany izy dia napetrapetrany izany fivondronan'ny mpiasam-panjakana izany ka zary fihaonana toy ny fihaonana rehetra eto Madagasikara ihany izay tsy nisy tohiny ka very an-javony fotsiny. Voatendry ao amin'ity andrim-panjakana ity indray izy roalahy ireo ary rehefa nandeha ny resaka fa voavidin'ny kandidà laharana faha-13, Rajoelina Andry, ny CENI dia nandaha mafy ity filoha lefitra ity fa tsy mba nandray izany vola izany kanefa takona tao ambadiky ny kasketiny ny masony roa izay mitory ho azy na marina na tsy ny nambarany. Raha ny ao amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana indray dia efa nisy tranga ihany koa tamin'izao Repoblika IV izao. Efa in-droa,no efa tokony nihongana tamin'ny maha filohan'ny Repoblika azy Rajaonarimampianina Hery, ka ny voalohany dia ilay "motion de déchéance" nolanin'ny depiote 121/151 kanefa ny didy navoakan'ny HCC dia ny "pacte de responsabilité" ka nisy loko politika izany ilay didy. Ny faharoa dia ny tsy nahatafatsanganany ilay Fitsarana Ambony (Haute Cour de Justice) tokony ho tafapetraka roambinifolo volana taorian'ny nanaovany fihanihanana kanefa dia tsy tanteraka efatra taona aty aoriana. Tsapa avy amin'ireo koa izany ny fomba fiasa manala- salan'ireo andrim-panjakana roa ireo tamin'ny lasa. Tamin'izao fifidianana filohan'ny Repoblika izao dia maro ny fitoriana napetraky ny fivondronan'ny kandidà niisa 25 momba hala-bato sy hosoka ary tsy fahatombambanana, taloha, nandritra ary taorian'ny fihodinana voalohany. Anisan'ny nametraka fitarainana niisa 208 ihany koa ny kandidà Ravalomanana Marc izay nosontoniny noho ny fanetretena sy ny fiheverana ny tombotsoa ambonin'ny firenena. Ny didy navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana momba ny fitoriana nataon'ny vondron'ny kandidà niisa 25 dia fanambarany fa "azo raisina fa tsy mitombona". Nanambara ihany koa ny CENI fa mpiasa amam-polony tao no noroahina taorian'ny fivoahan'ny voka-pifidianana ofisialy fihodinana voalohany fa mpiasa amampolony no noroahnina satria niandany, tsy nazava moa hoe niandany tamin'iza izy ireo, kanefa raha ny tranga rehetra amin'izao fotoana izao dia azo heverina fa niaro ny vaton'ny kandidà laharana faha-25 ireo mpiasa ireo. Tamin'izao fihodinana faharoa izao vao mibaribary fa tambazotra efa napetraka hatramin'ny fihodianana voalohany izao, porofon'izany ny fanambarana sy nanaovan'ny kandidà laharana faha-13 fety tamin'izany fa lany izy, ka tafiditra ao ny ambaratongam-pitantanana rehetra: depiote, praiminisitra, minisitra, lehiben'ny distrika, ben'ny tanàna, sefom-pokontany, ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana, mazava ho azy, ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Efa hita mibaribary izao ny hosoka sy hala-bato ary ny fanaparitahana biletà tokana efa voamarika mialoha (bulletin pré-coché), ny fizaràna karapanondrom-pirenena (toy ireo hita teny ambany tetezan'i Tanjombato taorian'ny fihodinana voalohany) sy kara-pifidianana sandoka. Nijoroan'ny Tale Jeneralin'ny Tranopiritim-pirenena ho vavolombelona fa nisy ny baiko nidina nampanonta karapanondrom-pirenena sy kara-pifidianana izay tsy fantatra hoe natao inona. Manginy fotsiny ny fandatsahana aina olona, mpomba ny K25, (Ankazoabo Atsimo) izay namaivanina tokoa satria nolazaina fa tsy nisy nifandraisany tamin'ny resaka fifidianana. Nisy koa ny fampihorohoroana nandritra ny andron'ny fifidianana boriboritany faha-4 sy faha-5 nataon'ny depiote niaraka tamin'ny bokonozatra nirongo fitaovam-piadiana, angamba, tsy andraikitry ny CENI ny momba izany vono olona izany fa ny governemanta kosa dia heverina fa tokony nandray andraikitra (minisitry ny fitandroana ny filaminana, ny minisitry ny fiarovam-pirenena, ny minisitry ny Fitsarana) satria izay no nanangana azy dia ny hanatontosa fifidianana eken'ny rehetra, mangarahara sy marina. Tokony ho ao an-tsaina mandrakariva anefa fa: ny olona marina toy ny ombalahy ampandrojinana: tsy folaka anio, tsy maty mandrakizay.

***Andry Tsiavalona***

Pr Harimalala Joseph

# Mitohy ny ady amin'ny Satana sy ny tsy fahamarinana

Samy eo am-piandrasana ny voka-pifidianana vonjy maika avokoa ny rehetra amin'izao fotoana. Mahagaga ny maro ny fomba fiasan'ny rafitra mpanantanteraka izany fifidianana izany, izay heverina fa tokony hahaleo-tena tanteraka, kanefa dia toa misy mibaiko ambadika izany raha tarafina amin'ny fomba fiasany, hoy ny fanehoan-kevitry ny maro. Ho an'i Pr Harimalala Joseph dia fisaorana an' Andriamanitra nohon'ny nahavitan'ny fifidianana no zavadehibe aminy voalohany. Tontosa soa amantsara hoy izy iny fifidianana iny ary dia Andriamanitra no homena voninahitra tamin'iny, n'inona n'inona nitranga satria dia avy aminy avokoa no nahazoana fahasalamana niatrehana izany. Aza adino anefa hoy ity mpandinika ity fa tsy mbola vita akory ny tolona satria mbola miatrika ady goavana amin'i satana sy i Goliata ny vahoaka Malagasy, dia ny ady amin'ny tsy fahamarinana izany. Tsikaritra mantsy ny alin'ny alarobia lasa teo iny, fa maro ireo karazana antsojay sy fanendrikendrehana nataon'ireo mpanenjika sy mpankahala ny filoha Ravalomanana Marc, raha tsy hilaza hafa- tsy famonoana olona nitranga tany Fort-Dauphin ireny, sy ny famoronana tsaho isan-karazany tany Andralanitra ireny, ka nilazana fa hisy hanafika i Mompera Pedro sy ireo manodidina azy. Dia eo no mahagaga amin'ilay filazana fa ny fitiavana no lehibe indrindra satria dia famoronan-dainga ve no fitiavana? Ankoatra izay dia rehefa tsy sahy nanapoaka champagne izy ireo dia nisy nahatsikaritra nanodidina ny kianjan'ny Kanto indray ny Depiote Rossy sy ny tariny nitondra volabe amin' ny sakaosy, izay tsy fantatra na hanaramana mpanakorontana na inona? Ankoatra izay moa dia teo ireny hosoka sy hala-bato tratra tetsy sy teroa ireny, izay nohamarinin'ny TV Viva ny vokatra lain-ga navoakany satria dia ni- hoatra ny tokony ho izy ny isan'ny mpifidy sy ny voka-pifidianana. Manoloana ireo voanaoan' olona niniana natao moa dia toa manamarina ny maha zanak'i Satana azy sy ny maha Franc-maçon sy iraky ny 666 ny kandidà laharana 13, satria dia iniana andatsahan-drà indray ity fifi- dianana ity, izay toa manamarina fa mpanompon'ilay Dragona araka ny ambaran'ny voasoratra ao amin'ny Apok 13:15 manao hoe: " Ary navela hanisy aina ny sarin'ny bibidia izy, mba hahateny ny sarin'ny bibidia, ary hampamono izay rehetra tsy mety miankohoka eo anoloan'ny sarin'ny bibidia". Tsy hoe fitia te-hanatsikera akory hoy ity mpandinika ity fa filazana kosa ny zava-misy sy ny fandinihana ny ho avin'ny firenena no banjinina amin'izao fiandrasana ny voka-pifidianana izao. Antso avo araka izany no ataon'i Pr Harimalala Joseph fa tsy aleo ve mizotra amin'ny fahamarinana! Aza adino mantsy hoy izy fa mahatezitra an'Andriamanitra ny tsy fanajana ny fahamarinana sy ny fanaovana zavatra hafahafa eto amin'ity Madagasikara ity, izay efa nofinidiny sy foiny ho an'ny Malagasy, araka ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny Apok 22: 10-12 manao hoe: "Aza asiana tombonkase ny tenin'ny faminaniana amin'ity boky ity fa antomotra ny andro. Izay manao ny tsy marina, aoka mbola hanao ny tsy marina ihany izy; ary izay maloto, aoka mbola hiha-haloto ihany izy; ary izay marina kosa aoka mbola hanao ny marina ihany izy, ary izay masina, aoka mbola hiha-masina ihany izy. Indro avy faingana Aho: ary eto amiko ny famaliako, mba hamaliako ny olona rehetra araka ny asany". Noho izany dia samia mandinika isika rehetra amin'izay atao io, ka halavirina ny mety hiheverana ny fanodinkodinana ny safidim-bahoaka fa zavatra mahatahotra ny ho azon'ny tanan'Andriamanitra velona araka ny voasoratra ao amin'ny Hebreo 10:31 izany. Ety ampamaranana hoy ihany izy dia antso avo no hatao ho anareo tompon'andraikitra eo anivon' ny CENI sy ny HCC, miangavy re mba jereo ny ho avin'i Madagasikara tanindrazantsika ity sy ny fahoriana lalina mianjady tamin'ny vahoaka Malagasy hatramin'ny taona 2009, izay no mankaty, nisian'ny fanonganam-panjakana izay. Inoana re fa olonkendry sy kristianina hianareo ary manana fo feno fahatahorana an'Andriamanitra, ka tsy hanaiky ny ho ampihorohoroan'ny mpambotry firenena, ka handala ny fahamarinana sy fahamasinana satria hoy mantsy i Jesoa Kristy araka ny voasoratra ao amin'ny Ohabolana 14:34 manao hoe: "Ny fahamarinana manandratra ny firenena, fa ny ota kosa dia fahafam-baraka amin'ny olona". Noho izany dia aoka hahery ao amin'ny Tompo hianareo fa hoy ny teniny ao amin'ny Isaia 60: 1-2 manao hoe: "Mitsangana, mihazavà fa tonga ny fahazavanao, ary ny voninahitr'i Jehovah efa miposaka aminao. Fa indro ny haizina manarona ny firenena, fa aminao kosa no hiposahan'i Jehovah ary aminao no hisehoan'ny voninahiny.

***Lezama***

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Miha-hita ireo hosoka tamin'ny lisitry ny mpifidy sy nandritra ny fifidianana



**Nadia Raonimanalina :** izao no santionany liste électorale hita teny amin'ny Ceni. Mifidy impiry Mireille ?
**Tsilavina-Miandih Ramaherivelo :** HMMM, dia inona no dingana manaraka rehefa ita ny tahaka izao ?sa tadiavin'i Mireille dia hanontaniana ?krkrkr.
**Hanitra Rasolonjatovo :** ndrekakio, menatsa be za en tant que secretaire tam bureau de vote.
**Neny Poussie :** zao ny ataony koa iza no tsy hidehaka be hoatran reny ry zareo, hay tena halabato be vata.
**Safidy Miaro :** ary ny sonian'ilay mitana ny boky amin'io miova im-piry?
**Britta Ravahy :** ireto avy : Mireille Mathieu, Mireille D'arc, Mireille gasy ntsssss ! tsy handresy zany Rajoelina, fa efa maro ireo hosoka hita.
**Feno Ake :** kay leee , flagrant delit ity!
**Jérôme Falimana :** izay mpifidy ihany no mahay hoe ny amy sisiny no sonian'ny mpifidy fa Mireille membre BV.
**Hanitra Rasolonjatovo :** de Mireille zany ts naharaka formation fa tokony amle ilany izy manao Sonia. De apenaro manao sonia dôly ny mpifidy fa manjary ataon'i Mireille dôy ny lavotondro huhu!!
**Misandratra Andrianilana :** gravy be zany.
**Oliva Hanitriniala Andriamanamahefa :** sao mba nifamadika ny colonne tokony ho an'ny mpifidy sy ny membre BV? sao mba membre BV i Mireille fa tsy nahay ny colonne tokony hasiany sonia?
**Magali Rasanj Rasanj :** OLONA iray no ni-signé, loza !!
**Joss Rasolo :** misy lalàna anome vahaolana ho an'izao. Rehefa halatra mivandravandra , miteraka tendances de vote insincères, dia mazava... misy mpahay lalàna ao @ Hcc, K25 ao, Mandresy Dada aaaaa !!

## TONONKALO

### TENA TSY HILAMINA IO

Azo sainina avy hatrany ,
Tsy hilamina ny tany
Raha mpangalatra no ekena
Hitantana ny firenena.

Tsy mba hisy ny mazava
Fa dia ho korontan-dava ,
Raha dahalo zatra sabatra
No akarina an-databatra.


Notakonana ny marina,
Ny mavandy no nakarina.
Fahoriana no ho tazana ,
Potika ny tanindrazana.

Tsy mba zava- nahamaika
Sady tsy mba nampiraika
Ny hitsabo sy hanasitrana
Izany ratra nampikitrana.

Nisy zava-nodinganina
Sy niniana nohamaivanina:
Dia ny atao hoe fampihavanana
Mialohan`ny fifidianana.

Ny tantara tsy hiato,
Raha vao misy ny hala-bato
Dia tsarovy , tadidio
Fa tena tsy hilamina io.

***SEDERA RAVALISON***


COMMUNE URBAINE
D'ANTANANARIVO
HAJAIKO NY
LALAN'NY
FIFAMOIVOIZANA
CÉDEZ LE
PASSAGE
www.facebook.com/Cserasera/

## Joba 7: 1

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 96), madagasikara 22 desambra 2018

***Joba 7: 1 "Tsy mpiantafika va ny zanak'olombelona ambany masoandro."***

Indro efa voalazako JEHOVAH taminareo fa io AFO io dia fanatrehako anareo. Ny AFO no Fanekena fara-tampony amin' ny tany sy izay tiako hatao eo aminy. Ary ny AFO no hosotra fara-tampony ho an' ny mpino. Izany indrindra no mahasolotenako ny AFO eo aminareo ka ilazako hoe moa tsy mpiantafika va hianareo olombelona, manana antoka izay alefa any amin' ny ady fa tsy maintsy mpandresy. Ny Fanekena izay nataoko dia Mpamonjy ny tany AHO JEHOVAH ary niseho sy mbola miseho amin' ny alalan' ny AFO AHO. Tiako ny milaza aminareo fa io AVANA miloko fito eo amin' ny lanitra io dia AFO izy io, fanatrehako ny tany hoe "MISY AHO, TSY MIOVA AHO, VELONA AHO, MAHERY AHO, MAHAGAGA AHO. Indro efa nambarako taminareo ny dikan' ireo loko AVANA ireo ampiako fotsiny hoe ilay INDIGO na MANGABE dia midika ZAVA-MIAFINA. Hosotra fara-tampony = HERY, FAHEFANA, FANAPAHANA. Avy aty andanitra izy io, alatsaka eo amin' ny mpino ao anaty Fiangonana na izay an' i JESOSY irery no ahitana izany. Efa nambarako nambarako taminareo ny AFO eo anoloan' ny mpanohitra rehetra mba hiaiky izy ireo fa IZAHO no JEHOVAH ary ny AFO avy AMIKO irery no marina. Torak' izany koa ny andro farany, tsy resadresaka izany na fisehosehoana fa izany no andrasanareo eo amin' ny tany misy anareo. Ho an' izay tsy miovaova, tsy mivadibadika mandra-pihavin' i JESOSY dia efa TOMBO-KASE koa ny AFO. Izay mbola tsy manana ny AFO dia mandrosoa fa fiafaran' ny fiainana mandrakizay koa ny AFO. Apokalypsy 7: 3 "Aza manimba ny tany, na ny ranomasina, na ny hazo, mandra-panisinay tombo-kase eo anin'ny handrin'ny mpanompon' i Jehovah Andriamanitsika.". Aza hadino fa izay manana AFO eo amin' ny tany, Batisan' ny AFO ihany no tafakatra rehefa tonga ny fotoanan' ny fampakarana rahatrizay dia ilay fihavian' i JESOSY eny amin' ny rahon' ny lanitra. Apokalypsy 8: 6-7 "Ary ny anjely fito izay nanana ny trompetra fito dia niomana hitsoka. Ary ny voalohany nitsoka, dia nisy havandra sy afo miharoharo rà, ka nararaka tamin'ny tany irany; ary may ny ampahatelon'ny tany, ary may ny ampahatelon'ny hazo, ary may koa ny ahi-maitso rehetra." Tiako ny mampahafantatra anareo fa ny Trompetra izay tsofin' ny Anjely anie ka mamoaka AFO e! Ny sabatra eny antanan' ny Anjely koa anie ka sabatra AFO e! Amin' ny fotoanany daholo izany. Aza hadino fa IZAHO JEHOVAH koa rehefa tonga dia tahaka ny AFO, miasa tahaka ny tselatra. Ny fiasako dia tahaka ny havandra milatsaka ka indro fa mitsonika mahatanteraka ny asany. IZAHO JEHOVAH dia tahaka ny kintana mamirapiratra, ary mahatehotia tahaka ny volana sady tsy mety maty tahaka ny masoandro ary manerana ny tany, mamelombelona tahaka ny rivotra mitsoka malefaka. Toy izao ary ny fehiny : tsy maintsy vita ireo Batisa dimy ireo ny zanak' olombelona satria ireo no fanavahana anareo, hatramin' ny farany dia ady foana ny fiainanareo. Ny ASA nanirahana an' i JAONA sy JESOSY tsy maintsy arahinareo tsara fa antoky ny fiainana mandrakizay. Aoka tsy hohadinoinareo fa IZAHO JEHOVAH no FOTOTRA, fototry ny zava-drehetra, JESOSY no SAMPANY ary ny FANAHY MASINA no MANAMPY ny olona rehetra mba hamoa. Jaona 15: 1-3 "Hoy JESOSY : Izaho no tena voaloboka, ary ny Raiko no mpamboatra. Ny sampany rehetra eo amiko izay tsy mamoa dia esoriny; fa ny sampany rehetra izay mamoa kosa dia amboariny*, mba hamoa bebe kokoa. Efa madio rahateo ianareo noho ny teniko, izay nolazaiko taminareo." Andininy faha-5: " Izaho no voaloboka, ianareo no sampany. Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka amiko kosa ianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona." Tandremo sao misy tsy miray AMIKO hoy IZY fa zava-doza. Andininy faha-6: "Raha misy tsy miray amiko, dia ariana eny ivelany tahaka ny sampany izy ka malazo; ary angonina izy ka atsipy ao anaty afo, dia ho may." Fa raha miray AMINY kosa Andininy faha-7 : "Raha miray Amiko ianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany."Meteza ho tena mpianatra raha te hamoa be hianareo. Eny fa na dia ny AFO aza dia omena anareo hampiavaka anareo amin' ny zavatra rehetra. Ny tanjona moa dia ny mba hifankatiavanareo fa izany no didy voalohany ho anareo. Jaona 15: 12 "Izao no didiko, dia ny mba hifankatiavanareo tahaka ny nitiavako anareo." Ny dikan' ny fampiraisana dia mba ho Fanjakana tokana hianareo. Manafaingana ny fahitampitia ny fanaovam-Batisa. Tsy miafara amin' ny AFO ny momba anareo satria ny AFO no voalohany. Raha vao noforonina ny tany fa foana dia ny mazava no notenenina voalohany hoe : MISIA dia nisy ny MAZAVA= AFO, Genesisy 1: 3-5 "Ary IZAHO JEHOVAH nanao hoe: Misia mazava; dia nisy mazava. Ary hitako fa tsara ny mazava; ary nampisarahiko ny mazava sy ny maizina. Ary IZAHO JEHOVAH nanao ny mazava hoe andro; ary ny maizina nataoko hoe alina. Dia nisy hariva, ary nisy maraina, andro voalohany izany." Ianao koa izany raha mahatafita ny Teniko dia mazava, fanazavana ho an' ny hafa, fahazavan' izao tontolo izao, Matio 5: 14 "Hianareo no fahazavan'izao tontolo izao. Tsy azo afenina izay tanàna miorina eo an-tampon-tendrombohitra.". Izany mampita. Tsy takatry ny sainareo io hazavana io na dia ho karohin' ny manam-pahaizana aza. IZAHO manana ny zava-miafina tsy hainareo, hamoahako ny atao hoe FAMONJENA, FANEKENA, FIFANKATIAVANA, FANJAKANA. Amin'ny alalan' ny telozoro no anazavako izany, betsaka no tsy mahalala, lalana tokana io, fanazavana tokana. Aza hadino fa na io kintana ambony io aza dia misy telozoro fa tsy hitanareo akaiky. Ny isa telo mantsy dia fahafenoana. Izay no mahatonga ny telozoro ho fahafenoana. Indro omeko sary betsaka ianao dia diniho tsara.

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

**E-mail:** jehovahandriamanitra@gmail.com

**Facebook :** Jehovah Andriamanitra page

**Radio:**

- Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora
- Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora
- RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## NY TENY FIAINANA

*Toy ny hatsiaky ny orampanala amin'ny taom-pijinjana, dia toy izany ny iraka mahatoky amin'izay naniraka azy, fa mamelombelona ny fon'ny tompony izy.*

***Ohabolana 25:13***

### Boriboritany voalohany (CUA)

# Nizarana fanomezana ho an'ny mpiasa noho ny fety

Noho ny fetin'ny Noely sy ny faran' ny taona izao dia tsy adinon'ireo mpitantana avy eo anivon'ny Boriboritany voalohany, Kaominina Antananarivo Renivohitra no nanolotra fanomezana ho an'ireo mpiara-miasa rehetra ao anivon'ity Boriboritany ity. Tsy nangasiasy araka izany ireo mpiasa hiatrika ny asaramanitra satria dia nahazo vary, menaka, biscuits ary bonbons avokoa izy ireo, mba hamalifaliany ny ankohonany. Araka ny nambaran'ny Delegen'ny Boriboritany Voalohany Bernard Joseph dia natao izao fihetsika izao mba ho fanamafisana ny



*Ny fizarana fanomezana tao amin'ny Boriboritany voalohany.*

firaisankina sy ho fanamafisana ny fifankatiavana eo amin'ireo mpitantana sy ny mpiasa rehetra. Mamporisika ireo mpiara-miasa aminy rehetra araka izany ny Delege mba samy hanao ny ezaka hanatsaràna ny fomba fiasa ary mirary soa azy ireo mba samy hanao fety sambatra avokoa.

***Aly***

### Alaotra

# Be ny tsy fanarahan-dalàna niseho tamin'ny hidy rano

Nanao ezaka lehibe tokoa ny foibem-paritry ny jono sy ny harena anaty rano, nandritry ny hidy rano, izay notontosaina farany teo taty Alaotra. Azo ambara anefa hoy ny talem-paritry ny jono sy ny harena anaty rano fa mbola betsaka ihany ireo tsy fanarahan-dalàna niseho na dia nohamafisina aza ny fanaraha-maso. Porofon'izany ny fahatratrarana ireo harato izay kely ny masony, ka na ny ankihikely aza tsy tafatsofoka amin' izany, izay miisa 16 sy ny ramangoaka izay mirefy hatrany amin'ny 200 metatra mahery ny halavany, miisa 02 ary ny lay misy ody moka nentina nanaratoana, izay sady efa tsy manara-dalàna, kanefa mbola nampiasaina nandritry ny vanimpotoana nanidina ny rano



*Ireo harato, anisan'ny sarona tamin'ny hidy rano tany Alaotra.*

ihany koa. Teo ihany koa ny fahasaronana ireo trondro namidy tao amin' ny tsenan' Ambatondrazaka sy ny sarona tany anaty rano. Nandritry ny fanaraha-maso natao no nahasaronana trondro maina sy lena, ankoatra ny sarona tao amin'ny tsenan' Ambatondrazaka tao, izay milanja hatrany amin'ny 100 kilao, sy tratra tany amin'ny hotely milanja 07 kilao. Isan'ny nampiavaka ny hidy rano tamin'ity indray mitoraka ity hoy ny talem-paritry ny jono sy ny harena anaty rano ny nandrotsahana zanaka besisika miisa 60 000 tao amin'io ranon' Alaotra io, mba hampitomboana taranaka ity hazan-drano mampalaza an' Antsihanaka ity. Ho hamafisina manomboka izao ny fanentanana ny olona amin'ny hanarahan'izy ireo ny lalàna mifehy ny jono mba hampiakarana ny vokatra sy hanatsarana ny kalitaon'izany, ho tombontsoan'ny daolobe hoy hatrany ny talem-paritra Alaotra Mangoro. Marihina fa efa nisokatra ny faha-23 hifoha ny faha-24 desambra 2018 teo ny rano aty Alaotra Mangoro.

***Raoul***

### Malaimbandy-Menabe

# Olona 4 nalain'ny dahalo an-keriny

Tsy mbola mifarana ny fakana ankeriny olona any amin'iny faritra Menabe iny amin'izao fotoana. Ny alatsinainy 24 Desambra lasa teo dia olona 4 indray no nalain' ny dahalo ankriny tamin' ny andro atoandro be izao, tao amin'ny kaominina Malaimbady. Rah any akom-baovao avy tany an-toerana dia dahalo nanodidina ny 60 indray nirongatra tao an-tanana ka tao amin'ny toerampitotoam-bary iray izy ireo no nivantana. Vao niditra izy ireo dia nandrahona ireo olona tao, izay hitoto vary no nahatongavany. Nandrahona sy nanapoaka basy iziy ireo ary nisambotra vehivavy niisa 4 ireo. Nambaran'izy ireo moa far aha vao misy mihetsika dia hitifitra izy ireo no sady nanapoaka basy. Tsy nisy nanohitra moa ireo olona tao an-toerana tamin'io ary taorian'izay dia netin'izy ireo ireo vehivavy ireo. Nizara ho antoko 3 ireo dahalo nony avy eo ary nitsoaka. Taorian'izay voa niantso ny mpitandro filaminana ireo mponina ka zandary 3 sy miaramila 3 niampy zazamainty 3 no nanenjika ireo dahalo nony avy teo, tamin'ny alalan'ny fiara iray tsy matahodalana. Rah any fanampimbaovao avy tany an-toerana ihany dia efa nisy no navotsitry ireo dahalo sain-gy tsy voafaritra mazava ireo efa votsotra. Nambaran'ireo mponina avy any an-toerana moa fa mahazo laka indray ity fakana ankeriny ity ka vola no takian'ireo dahalo amin'izany ho tambin'ny famotsorana ireo olona alainy. Ny antony moa dia efa tsy misy intsony ny omby hangalarina any an-toerana ka dia mirona amin'ity fomba ity indray ireo dahalo.

***Lezama***

AMBODIVOARA-SAMBAVA

## Manjaka ny kolikoly avo lenta

Miteraka resa-be any amin'ny Faritra SAVA amin' izao fotoana izao ilay raharaha fanagadrana an' ireo tovolahy 10 lahy avy ao Ambodivoara, Kaominina iray anisan'ny sompitry ny lavanila. Misy ny fanamparam-pahefana ataon'olona mpanefoefo iray any an-toerana, ka manao tsy refesi-mandidy sy manao izay tiany atao eo amin'ny fampiasana ny volabeny. Tranga iray mampalahelo ity farany ity, tovolahy 10 be izao no indray nosoketahin'Ingahy xxxxxx, ilay miliardera ao anatin'ity Kaominina Ambodivoara ity, izay nolozainy fa namaky ny magazay misy ny lavanila-ny, tao ambony rihana, ny volana Novambra 2018 teo. Nosavan'ireo Zandary avokoa ny tranon'izy ireo, nefa tsy nahitana na inona na inona, ary dia nentina avy hatrany nankeny amin'ny Borogadin'ny Zandary tao Sambava, izy 10 lahy ireo, notanana tao nandritra ny folo andro, avy eo vao nadoboka am-ponja any Antalaha ny 5 lahy, nandritra izany anefa dia nitaky lelavola 100 000 000 Ar tamin'ireo ray aman-drenin'izy 5 lahy ity mpanankarena ity, ka izany no antony tsy namotsorana azy ireo, fa ireo namany hafa kosa, efa nahavita elolajy, dia afaka soa aman-tsara. Nanambara ity mpanefoefo ity fa ataony tsy mahita ravina avaratra izy 5 lahy ireo, raha tsy mandoa io vola io aminy, handaniako ny harenako, sy ny fananako, fa tsy avelako. Fomba fanaon'ity rangahy ity io fihetsika io, mody manao asa soa izy io mba hanasaronana ny fomba ratsiny. Hatramin"izao ora hanoratanay izao dia mbola voatazona ao amponja ao Antalaha izy 5 lahy ireo, miaka-midina any izy, manamafy ny hitazonana an'ireto olona ireto. Manoloana ity toejavatra ity dia mitaraina ireto Ray aman-drenin' ireo tovolahy ireo amin' ny fitazonana ireo zanany any am-ponja izay tsy mbola nandalo fitsarana akory, ireto Ray aman-dreny ireto anefa tsy ahita an'ilay vola 100 000 000 Ar izay tadiaviny, ho takolon'ny famotsorana ireo zanany. Tena azo lazaina fa kolikoly avo lenta tanteraka ny ao ambadik'ity resaka ity, dia mbola manjaka tokoa ve ny didin'ny besandry, amin'izao andron'ny fahazavana izao. Asa fa ny zava-misy aloha dia io e !

***Serge***

Haitrano tao Andrefatsena Antsirabe

## Olona iray maty may kila, olona 2 hafa naratra mafy

Nitrangana haitrano indray ary namoizana ainairay tao Andrefatsena eto Antsirabe ny alin'ny alakamisy hifoha oimaly zoma. Olona roa mianaka kosa no may sy naratra mafy vokatry ny fahamaizana ihany. Tokony ho tamin'ny 10 ora lina teo ho eo no nitrangan'ny afo voalohany. Olona 3 mianak izy ireo no tao an-trano, ary tsy nahare izay niatombohan'ny afo mihitsy aza. Raha ny fanazavan'ilay renim-pianakaviana nieren-doza noho ity haitrano ity, dia olona efa miantsoantso azy ireo hivoaka ny trano no reny sy toa noraisiny nofy mihitsy aza. Vao tafafoha anefa izy, dia efa afo niredareda no hitany tao an-trano. Namoha ihany ilay vadiny izay mbola resin-tory ilay ramatoa, saingy tsy tonga saina nohon'ny famohazana azy tampoka ilay rangahy vadiny izay 35 taona eo ho eo. Nisy nisintona nivoaka novonjen'ny fokonolona anefa izy mianaka ary tavela tao ilay rangahy ka io no tsy naha avotra azy intsony. Tsy azo nidirana rahateo ny afo nohon'ny herin'izany izay efa tafiditra nytrano. Raha ny nambaran'ny manodidina, dia avy eo amin'ny lakozia, trano hazo eo andavarangan'ity fianakaviana ity no niandohan'ny afo ary vetivety dia nitatra izany.Soa ihany fa nifanentana haingana sy nifanome tànana ny mponina teo, ka vioafehy ihany ilay afo tsy hitatra tamin'ny trano hafa, satria raha tsy izay no nisy, dia trano ampolony maro no may satri aankoatray ny tranohazo, dia mifanety tanteraka zara raha misy elanelana ny fanorenana ao amin'iny faruitr'Andrefatsena Antsirabe iny. Rehefa nanontaniana ny mponina ny antonytsy niantsoan'izyireo ny fiarabe mpamono afo eto Antsirabe an'ny orinasa Cotona, dia nanambara avokoa ireo mponina ireo fa tsy handany andro hiantso izy ireo satria efa fantatra fa tsy ho avy toy ny fanaony io fiara mpamono afo io, ka aleo izay namonoana ny afo tamin' ny teo am-pelatànana no natao.

***Solohery***

Miandrivazo

## Mirongatra ny asan-dahalo

Oviana ary mandrapahoviana no hitsahatra ny asa fandripahana ny harenan'ny Malagasy. Antaonany maro no naharenesana asan-dahalo etsy sy eroa eto amin'ny tanin'ny Malagasy. Ny taona 2009 no nirongatra izay tsy izy ity halatra omby ity , nalaza ny fanondranana ireo harempirenena ireo , anisany ny omby. Ny andron'ny fifidianana, toa zava-panaon'iretsy mpanao politika nahazo tombony tamin'izany fitondrana izany ny fanaovana asandahalo mandritra ny andron'ny fifidianana, ka anaovana antsojay ny mpifanandrina ary namoizana aina maro. Lalao madio ve izany ? Soa fa misy ihany ny tandroka aron'ny vozona manao ny ainy tsy ho zavatra miaro ny vahoaka sy ny fananany toy ny tao Miandrivazo kaominina sy fokontany Andranomainty , folo kilaometatra miala ny renivohitra, ka nahaverezana omby miisa 32, tafaverina amin'ny tompony avokoa ireo omby ireo noho ny asan'ireo Das miaramila miasa any antoerana.

***Serge***

## SARIITATRA: Biletà fôsika, halabato, kolikoly...




Vehivavy nalemy telo volana

## Avotry ny menaka avy any « Inde »

Loza raha samy loza no nahazo ahy hoy ny vadin'ity vehivavy ity fa salama sy tomady izao ny vadiko nefa dia tapaka làlan-dra fotsiny izao. Efa niala nenina tany amin'ny dokotera ary efa lany volabe fa tsy nety sitrana mihitsy. Vao mainka aza nitombo ny fahavoazana satria lasa tsy nahaloa-peo intsony koa ilay ramatoa. Very hevitra rangahy vadiny ka tsy maintsy nitady hevitra tamin'ny mpiaramonina taminy. Teo no nisy nahafantatra ny nomeraon'i Jessica 03387 395 41 mpitsabo eny Mandrosoa Ivato ka ny ampitso ihany dia tonga teny aminy ity rangahy ity. Ento aty ary ny vadinao hoy izy ka ny ampitso ihany moa dia tonga teny aminy ilay ramatoa rehefa nolanjaina mihitsy. Vao noraisin'ilay mpitsabo fotsiny ny vatan'ilay ramatoa dia nambarany fa taitra tampoka izy ary tapaka ny làlan-dra madinika satria efa nanana aretim-po io vehivavy io. Notrorin'ity mpitsabo ity tamin'ny menaka manokana avy any « Inde » lay ramatoa ary mbola nampisotroiny rano manokana ihany koa. Ento mody izy aloha hoy ilay mpitsabo dia miverena afaka telo andro. Niverina indroa ilay ramatoa dia efa naharesaka sy nahetsika ny vatany ary vao niverina fahatelony dia sitrana tanteraka ilay ramatoa satria sady naharesaka tsara no nahinan-kanina sy afaka nandeha soamantsara. Vao niverina faninefany izy dia hoy ilay mpitsabo hoe efa sitrana ianao fa mila mitandrina fotsiny fa tsy misy ahiana intsony ary hilamina tsara ny tokantranonareo fa efa voakarakara tsara ianao. Teo ihany dia nanolotra valisoa ho an'i Jessica izy mivady satria saiky nafoy ny fiainany raha tsy nokarakarain'ity mpitsabo ity teny aminy. Taorian'izay dia nisy olona ihany koa tapaka lâlan-dra no tonga notsaboina teny aminy ka sitrana soamantsara ihany koa.

***Namana***

Vokatry ny hosoka sy hala-bato

## Ho krizy pôlitika dimy taona i Madagasikara

Hiverina ny tamin'ny fitondrana tetezamitan-Rajoelina taorian'ny taona 2009 satria efa fantatra fa tsy hisy fankatoavana iraisam-pirenena mihitsy i Madagasikara noho ny krizy pôlitika eto satria ankoatry ny hosoka sy hala-bato tamin'ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana faharoa teo dia manaraka akaiky ny toe-draharaham-pirenena ny avy any ivelany ka sarotra ny hahazoan'i Madagasikara fankatoavana iraisam-pirenena amin'i Andry Rajoelina raha sanatria ka izy no ho vofidy eo. Mazava ho azy fa tsy hisy ihany koa ny famatsiambola avy any ivelany , ary ho faillite i Madagasikara ao anatin'ny dimy taona. Tsy vitan'izany, fa ho sarotra ny hanavotra an'i Madagasikara izay efa latsaka an-kady satria vao mainka ho latsaka an-kady indray manomboka izao. Ho sahirana ny tantsaha, hitombo ny tsy fandriampahalemana an-tanandehibe sy eny ambanivohitra ary manginy fotsiny ny adilahy pôlitika tsy hitondra fampandrosoana ho an'ny vahoaka malagasy. Ho valala voatango ny malagasy ary anelanelan'ny fanoto sy ny laona ka hiroso maty renibe, hiverina maty raibe. Akory atao fa izay no zava-misy vokatry ny ny fitiavan-tena sy ny vola teto amin'ny firenena ka ny malagasy no lasibatra amin'izany. Tsy vitan'ny hoe lasibatra fotsiny, fa lasa sorona mihitsy amin'ny lafiny samihafa satria ny fampianarana tsy handeha, ny fahasalamana sy ny fandriampahalemana ho potika ary ny fampandrosoana tsy hisy ihany koa. Mazava ho azy fa na ny samy malagasy aza dia hifandrafy sy hifampitady lava eto satria ny lohany mihitsy no matsatso. Dia ho hita eo aloha ny tohiny fa krizy vaovao no mitranga aorian'izao famoahan'ny Ceni ny vokatry ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana faharoa izao.

***Rajo***

NY VALOSOA VAOVAO Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny Filoha Ravalomanana tetsy Bel'Air Ampandrana omaly.





Ny Comité de vigilence miaro ny safidim-bahoaka tetsy amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina omaly.











